# Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra



Zanaka Tiana
Indrindra
Lasa Andevo

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus
Alastair Paterson

Nampifanarahin'i: M. Kerr; Sarah S.

Nadikan'i: Mia Randria

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2022 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Faly be Isaka. Tafaverina indray i Jakoba. Na i Esao ary nandray tsara ilay rahalahy nivoadiany hovonoina. Ireo zanakalahin'i Jakoba nefa tsy faly noho i Josefa zandriny, izay tian'i Jakoba indrindra.

Vao maika tezitra kokoa ny rahalahin'i Josefa rehefa notantarainy azy ireo ny nofiny. "Ny salohim-bariko nitsangana ary ny an'ireo rahalahiko kosa niankohoka," hoy i Josefa. Nidika io nofy io fa hanan-kaja kokoa noho ireo rahalahiny i Josefa.





Tamin'ny nofin'i Josefa fanindroany indray, niankohoka teo anatrehany ny masoandro sy ny volana ary ny kintana. Na ny rainy ary tezitra taminy satria nanandran-tena ho ambony noho ny ray aman-dreniny sy ny rahalahiny izy.

Indray andro, nirahin'i Jakoba nankany an-tsaha hijery ny rahalahiny niandry ondry i Josefa. Hitan'ireo rahalahiny izy raha nanatona. Hoy izy ireo: "Andao hovonointsika ity mpanonofy ity." Tsy fantatr'i Josefa ny loza nananontanona azy.



Tsy niombon-kevitra tamin'izy ireo anefa i Robena, ilay zokiny indrindra, ka hoy izy: "Aoka isika tsy handatsa-drà. Jereo itsy misy lavaka. Avelao izy ho faty ao!" Nieritreritra ny hamonjy an'i Josefa manko i Robena nony alina ny andro.



Nosintonin'izy
ireo i Josefa
nony tonga teo
aminy ary
noesoriny ilay
akanjo milokoloko
maro izay
namboarin'i Jakoba
manokana ho an'ilay
zanany tiany
indrindra. Nalatsany
tao anatin'ilay
lavaka lalina
be izy nony
avy eo.



Nisy mpandranto niara-dia, nandeha rameva, ho any Ejipta nandalo nandritra an'i Robena tsy teo. Hoy i Joda tamin'ireo rahalahiny: "Andao amidintsika i Josefa." Raikitra ny



fifanarahana ka namidin'izy ireo sekela volafotsy roapolo i Josefa.

Vonton-dranomaso sy natahotra i Josefa nony niainga ireo rameva nitondra azy lavitra ny fianakaviany sy ny tananany.





Nampinoan'ireto rahalahy ratsy toetra an'i Jakoba fa lanin'ny biby dia i Josefa zanany tiany indrindra. "Akanjon'i Jakoba ve ity? Feno rà. Hitanay tany an'efitra", hoy izy ireo. Norovitin'i Jakoba ny akanjony ary nisaona izy. Tsy nisy olona afaka nampitony azy.

I Josefa, tany Ejipta, mety natahotra
sy nahatsiaro ho irery. Mety te hody izy.
Nefa tsy mba afaka nitsoaka. Mpanompo tao
an-tranon'i Potifara,
olona manan-kaja
Ejiptiana, izy.

Hoy i Potifara tamin'i Josefa indray andro: "Izay ataonao rehetra, mamokatra tsara avokoa. Miaraka aminao Andriamanitra. Ataoko lohan'ny mpanompoko rehetra ianao, ary hiandraikitra ny raharaha sy ny mpanompoko rehetra."



Nomen'Andriamanitra vokatra tsara sy harena be i Potifara noho ny amin'i Josefa. Na efa nanan-kaja ary I Josefa, mbola nanompo an'Andriamanitra tamin'ny fony manontolo ihany. Saingy indrisy fa tonga tamin'i Josefa indray ny loza.



Vehivavy ratsy toetra ny vadin'i Potifara. Nasainy haka ny toeran'ny vadiny i Josefa. Tsy nanaiky i Josefa. Tsy hanota amin'Andriamanitra amin'ny fanaovana ratsy an'i Potifara izy.



Lasa nitsoaka izy rehefa saika hanery azy ilay vehivavy.  Nefa voatazony ny akanjon'i Josefa.



Nitaraina ny vadin'i Potifara hoe: "Nanaovan'ny mpanomponao an-keriny aho. Jereo, ity ny akanjony." Tezitra i Potifara. Mety nahafantatra izy fa nandainga ny vadiny, saingy nila nanao zavatra izy. Inona re no ho ataony e?

Nalefan'i Potifara tany an-tranomaizina i Josefa. Tsy mba nanana romoromo na tezitra anefa i Josefa na dia tsy nanan-tsiny ary.

Angamba nianatra tamin'ny fijaliany rehetra izy fa na aiza na aiza misy azy, rehefa manome voninahitra an'Andriamanitra izy, hitahy azy hatrany koa Andriamanitra. Na any am-ponja ary.

Zanaka Tiana Indrindra Lasa Andevo

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 37, Genesisy 39

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16